## JEUNESSE ENGAGEE DANS LA LUTTE CONTRE LA CORRUPTION

# T-AFAKA

**T**ANORA MIARA-MIENTANA AMIN'NY **A**DY AMIN'NY **FA**HALOVANA HO FANATSARANA NY **KA**TILAON'NY FIAINAM-BAHOAKA ENY IFOTONY SY NY HOAVIN'NY TARANAKA



*POUR L'AMELIORATION DE LA QUALITE DE LA VIE COMMUNAUTAIRE ET DE L'AVENIR DES GENERATIONS FUTURES*

# MPANORINA NY TETIKASA T-AFAKA



## RALAIVAO Lovatiako Michel Desanges,

teratany malagasy kristiana, 51 taona

1-Sekretera Jeneraly ny Ministeran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena Madagasikara ny 2010-2024, nametra-pialana tamin'ny 10 septambra 2024

2-Mpanorina sy Mpitarika strategika tamin'ny fandrafetana ny PAIKADY ho an'ny fizakantenan'ny tanora FANOITRA sy ny Drafitrasa ho fampiharana azy

3-Mpanorina sy mpitarika stratejika ny fametrah Vondron'ny Tanora ho an'ny fanovana eny Ifotony ou VTI (groupements communautaires des jeunes pour la transformation communautaire)

4-Nandrafitra ny Programa fanabeazana marolafy ho an'ny tanora antsoina hoe FIVOARAKO : "07 herinandro, manova tantara"

5-Tonia Mpanatanteraka ny Sampanasa ho fanarenana ny fiainan'ny tanora kristiana antsoina hoe "NEHEMIA"" eo anivon'ny FFPM (FJKM, FLM) hatramin'ny taona 2020 ary Mpanorina sy Mpitarika ny fanabeazana tanora kristiana antsoina hoe "SEKOLIN'NY FIADANANA" nanomboka tamin'ny taona 2022

# LOHARANO NIPOIRANY : TETIKASA T-AFAKA

NIAINGA AVY FITAKIANA AN-TSORATRA (PETITION) NATAON'NY TANORA KRISTIANA MIISA 1.500, TAMIN'NY ALALAN'NY TSAPA ROA LEHIBE (02 CONSTATS)

1-ARAKA NY DRAFITRA FAMPIHARANA NY PAIKADY FANOITRA (izay novolavolain'ny tanora malagasy ary nankatoavin'ny Governementa t@ 02 Jolay 2024) : mila tetibola **120 tapitrisa dolara isan-taona** ho enti-miantoka **ny famoronan'asa**

**5 hetsy ka h@ 7 hetsy isan-taona** ho an'ny tanora amin'ny alalan'ny fampiroboroboana ny fandraharahana maintso, manga, biolojika (Tohivaka-pihariana ho an'ny tanora) ary ho fanetsehana ireo tanora ireo amin'ny fanovana ny vohitra sy tanàna misy azy amin'ny alalan'ny Vondron'ny Tanora ho an'ny fanovana eny Ifotony na VTI : fanabeazana, fahasalamana, fandriampahalemana, tontolo iainana....

2-NY TSY FIKAONTINA NY PAIKADY FANOITRA AO ANATIN'NY TETIBOLAN'NY FANJAKANA MALAGASY : Fitazomana ny tetibola voatokana ho fanohanana ny tanora ho **4,7 lavitrisa Ariary (1 tapitrisa dolara)** mitovy tamin'ny taon-dasa maro 2024, 2023, 2022, 2021 : izany hoe raha ho an'ny 100% tanora (265 Ar, isaky ny tanora, isan-taona), raha ho an'ny 10% tanora (2.650 Ar, isaky ny tanora isan-taona), ary raha ho an'ny tanora 1% (20.650 Ar, isaky ny tanora, isan-taona)





# SAKANA ROA LEHIBE MANOHITRA NY FAMPIHARANA NY PAIKADY FANOITRA

**SAKANA 1 :** NY KOLIKOLY MAHAFAOBE, KOLIKOLY MAMAKA AMIN'NY FANJAKANA ARY NY FANDROBANA NY HAREM-PIRENENA : Fatiantoka tombanana ho **1,2 ka h@ 2 LAVITRISA DOLARA** (izay hoe mihoatra ny im-polo ny tetibola ilain'ny tanora ho fampiarana ny Paikady FANOITRA)

**SAKANA 2 :** TSY FANOMEZANA HASINA NY HETAHETA MAIKA HO AN'NY TANORA : fantatra fa misy vola an-tapitrisany dolara isan-taona no entina manangana fotodrafitra, izay tsy misy fiatraikany amin'ny hetaheta n°1 tanora : fananana asa sy ny fizakantena ho an'ny tanora 65% (fa tsy 4% ihany)





# LOZA MAHATSIRAVINA MIATRAIKA MIVANTANA AMIN'NY TANORA SY NY TARANAKA HOAVY

LASA TSAPA MAHAZO VAHANA ETO MADAGASIKARA NY ENDRIKA KOLIKOLY MAHATSIRAVINA ANTSOINA HOE "KOLIKOLY MAMAKA AMIN'NY FANJAKANA" (CORRUPTION SYSTEMIQUE D'ETAT) izay miseho amin'ny endrika enina :

1-Fanaparam-pahefana ho fanomezana endrika "ara-dalàna" ny kolikoly sy fandrobana harem-pirenena goavambe,

2-Tsy fisian'ny mangarahara sy ny fahafahana mahazo vaovao

3-Fisian'ny fifandraisana iraisam-pirenena maizina, tsy fantatra

4-Ny fisian'ny Tambajotra miafina na maizina mifehy ny fahefam-panjakana eo amin'ny sehatry ny toekarena sy ny volam-panjakana

5-Famotehana ny mpandraharaha teratany "Tissu économique local" amin'ny alalan'ny fametrahana sakana sy fanaraha-maso tsy misy fototra ara-dalana

6-Fanjakana tsy refesi-mandidy : fanenjehana sy fanagadrana izay mitsikera rehetra, ary fandroahana diplaomaty

Fampiasana ny Fahefam-panjakana hamoronana FEPETRA VAOVAO MANOKANA AHAFAHANA MANDROBA HAINGANA AO ANATIN'NY ENDRIKA TERENA HO "ARA-DALANA" NY HAREM-PIRENENA : **FANDROBANA MIATRAIKA AMIN'NY TARANAKA MIFANDIMBY (PILLAGE INTERGENERATIONNEL)**





# IREO FIZARANA 04 AO ANATY TETIKASA T-AFAKA

**Fizarana 1 :** Fanabeazana ny tanora hahazo fahalalana fototra eo amin'ny fiainana, ao anatin'ny 07 herinandro (FIVOARAKO) sy fanabeazana etika sy ho amin'ny fandriampahalemana sy ny Tontolo iainana (FIVOARAKO +) sy tohana amin'ny fametrahana VTI etika

**Fizarana 2 :** Fametrahana sy fanapariahana Hetsika kristiana rojom-pavaka sy fifampitondrana am-bavaka (chaînes de prière et intercession) eo amin'ny tanora, tohan'ireo zoky ara-panahy ho fampiharana ny fahefana nomen'i Kristy ny mpino sy ny Fiangonana araka ny JEREMIA 1 : 10

**Fizarana 3 :** Fiombonan'ny daholobe (tambajotran'ny VTI etika, fikambanan'ny tanora sy ireo Hery velona rehetra eo amin'ny Firenena) mandrafitra paikady ho entina miady amin'ireo tranga lehibe na Kolikoly mamaka amin'ny Fanjakana (Corruption systémique d'Etat) sy fandrobana ny harem-pirenena miaraka amin'ny drafitra fampiharana maika sy antonon'ezaka (plan d'action urgent et à terme).

**Fizarana 4 :** Fanadihadiana tarihin'ny tanora (Analyse participative et inclusive des opportunités) isaky ny Distrika ary fanadihadiana ara-teknika (iarahana amin'ny mpikaroka sy manam-pahaizana malagasy) ho fametrahana (étude de faisabilité) Banky ho an'ny tanora sy ny fampandrosoana maharitra ( ho entina miantoka ny fametrahana Tohivaka-pihariana ho an'ny tanora afaka mamorona asa 5 ka h@ 7 hetsy isan-taona ho an'ny tanora, manangana tanora manova fiaraha-monina )





# ZAVA-MISY 02 , ZAVATRA MAIKA, FANAMBY 01

**ZAVA-MISY AZO IAINGANA AVY HATRANY 02 (02 EXISTANTS) :**

-Tranokalam-panabeazana sy fifanakalozana "yeskillsmadera.org" napetraka (hebergé) ao Frantsa, mba ho entina manetsika sy mandrindra ireo fizarana efatra (04 composantes) voarakitra ao anaty T-AFAKA

-Ny Programa FIVOARAKO "07 herinandro, manova tantara" efa miainga miaraka amin'ny Tranokalam-panabeazana

**ATRISAKA AMPITAIN-DAVITRA MAIKA NA WEBINAIRE URGENT : Webinaire firaisainkina** T-AFAKA "Ho an'ny tanora sy ny taranaka hoavy", mandritra ny **Andro Iraisam-pirenena amin'ny Kolikoly** le Alatsinainy **09 desambra 2024 amin'ny 03-4 ora hariva.** Hanasana ny Hery velona rehetra (ny Fikambanan'ny Tanora, ny Fiangonana, ny Fiarahamonim-pirenena, ny sehatra tsy miankina, ny mpiasam-panjakana, ny mpikaroka..... )

**FANAMBY FOHY EZAKA :** Fahazahoana ireo fototra iombonana sy ifanarahan'ny rehetra (socles) ahafahana mandrafitra ny Fizarana 04 Tetikasa T-AFAKA mialoha ny **31 mars 2025**. Ny Tetikasa T-AFAKA dia voarafitra mialoha ny faran'ny **volana aprily 2025**. Tetikasa niarahan'ny rehetra nandrafitra (participatif), ho an'ny rehetra (inclusif) ary marolafy (multipartite) iarahan'ny tanora sy ny Hery velona rehetra eo amin'ny Firenena.



# ANTSO NASIONALY HO AN'NY TANORA HO FANORENANA INDRAY NY MANDAN'I JEROSALEMA

TAHAKA AN'I **NEHEMIA**, ISIKA REHETRA DIA SAMY VAVOLOMBELONA MAHITA MASO SY IHARAN'NY FAHORIANA MAHAZO NY FIRENENTSIKA : "Hianareo mahita ny fahoriantsika, fa rava Jerosalema ary nodoran'ny afo ny vavahadiny; koa ANDEHA ISIKA HANANGANA NY MANDAN'I JEROSALEMA, mba tsy ho latsa intsony isika." (Nehemia 2 : 17).

MITOVITOVY AMIN'IZANY NY ZAVAMISY AO MADAGASIKARA : Ny manda fiarovana ny harem-pirenena, ny fihavanana malagasy, ny hasim-pirenena mihintsy no potika sy dorana tamin'ny afo **(famantarana na symbole ny afobe, na ny tambatra satanika)**. Ary ny vahoaka sy ny tanora malagasy an-tapitrisany **"mitondra fahoriana be sy latsa"**(Nehemia 1: 3)

**LALANA TSY AZO IHODIVIRANA AHAZAHOANA ANTOKA FANASITRANANA HO AN'NY FIRENENA** : FIBEBAHAM-PIRENENA tena izy ao anaty fanetre-tena, vavaka ary fialana amin'ny ratsy. Ho setriny, Andriamananitra manome toky ny olona FAMELAN-KELOKA, FIHAINOANA VAVAKA, FANASITRANANA NY TANINY (2 Tantara 7 : 14).

**FANOLORAN-TENA MANOKANA, DRAFIM-PANORENANA IOMBONANA**: Kristy miantso fanoloran-tena (sacrifice) isaky ny tanora, isaky ny olom-pirenena mba hitondra ny anjara birikiny amin'ny fanorenana ny mandan'i Nosintsika. Ny drafim-panorenana (plan d'architecture) iombonan'ny rehetra dia ny **TETIKASA T-AFAKA** ho vitaina mialoha ny **30 aprily 2025** mba ho entintsika manorina TRANOBE IOMBONANA anjakan'ny **FIADANANA, FIZAKANTENA ARY FIVOARANA.**

